

**TOUT SUR LE TELETHON ICI**



Bon, malgré des velléités d'escamoter la vérité, via menaces ou mallettes magiques, les faits demeurent têtus ( **vidéo ici** ): ce sont bel et bien des policiers qui ont incendié près de 500 habitations, détruisant le travail de toute une vie de deux milliers de familles comprenant femmes et enfants en bas-âge. Une vieille dame de 70 ans a même été brûlé vive dans une de ses habitations. Pour la mort de deux policiers, c'est vraiment trop cher payé, quelles que soient les causes et les circonstances du décès de ces derniers.



Ainsi, après le CETIM à Genève ( **ici** ) et le CNIDH à Madagascar ( **ici** ), voilà que c'est Arlette Ramaroson, ancienne juge au TPI (Tribunal pénal international) de La Haye -encadrée par l'entité Emergence de Madagascar de Holijaona Raboanarijaona-, qui est montée au créneau pour dénoncer ce *« crime contre la population civile »*.
Voici le compte-rendu en textes et photos de la conférence de presse qui a eu lieu ce 14 mars 2017, au centre ARRUPE dans l'enceinte de l'église catholique de Faravohitra. Dans la salle, plusieurs entités de la société civile, des politiciens mais surtout de personnalités issus des royautés traditionnelles de Madagascar.



Les vidéos intégrales de ce rendez-vous important pour que règne Justice et Etat de droit dans la Grande île, seront mises en lignes ultérieurement sur www.youtube.com/papizano100

**Jeannot Ramambazafy – Photos : Harilala Randrianarison & Haja Randria**

**********************



**COMMUNIQUE DE PRESSE**

ANTSAKABARY: LE PRINCE DR. NDRIANA RABARIOELINA CONDAMNE LE CRIME CONTRE LA POPULATION CIVILE :

La Maison Royale de Madagascar et la Fédération des Ampanjaka de Madagascar, dirigées par le Prince Dr. Ndriana Rabarioelina, condamnent fermement les horribles barbaries et les exactions criminelles perpétrées envers la population â main nue, ainsi que les incendies criminelles de plus de 500 maisons commises à Antsakabary dans le district de Befandriana Nord.

Par conséquent, de changements en profondeur de la vie de la nation s'imposent pour son bien-être.

Antananarivo, le 14 Mars 2017.

Prince Dr. Ndriana Rabarioelina, PhD, ThD,
Descendant direct de la branche aînée de la Maison Royale,
Chef de la Maison Royale de Madagascar.

-------------------------------------

**FANAMBARANA**

NY PRINTSY DR. NDRIANA RABARIOELINA DIA MANAMELOKA TANTERAKA NY HABIBIBIANA SY NY FANDOROANA TRANO TANY ANTSAKABARY:

Ny Fiombonamben' ny Ampanjaka eto Madagasikara, tarihan' ny Prince Dr. Ndriana Rabarioelina, dia manameloka tanteraka ny fanaovana antsonjay ny vahoaka sy ny habibiana famonoana olona ary ny fandoroana trano mi-isa dimanjato mahery tany Antsakabary, distrikan' i Befandriana Avaratra.


Koa mila Fanovana ifotony tanteraka ny fiainam-pirenena mba hisialn' ny tena fampandrosoana.

Antananarivo, Vohitra Masina, faha-14 Marsa 2017.

Prince Dr. Ndriana Rabarioelina, PhD, ThD,
Filohan' ny Fiombonamben' ny Ampanjaka eto Madagasikara.

-----------------------------





*CP EM*
*14/03/17*
*Antsakabary, Befandriana Nord*

**Communiqué de presse d'Emergence de Madagascar / Antananarivo le 14/03/2017**

*Diffusion : pour diffusion le 14/03/2017*

Jusqu'à présent l'Etat n'a pas encore fourni un état des lieux exact et officiel des dégâts matériels. Les chiffres en notre possession montrent l'existence de 507 habitations détruites ou incendiées à Antsakabary – Befandriana Nord, sans parler des écoles et des églises. L'Etat doit **impérativement** fournir un bilan précis et détaillé, car personne ne sait exactement, et prendre ensuite en main la reconstruction des localités concernées. L'étape de reconstruction doit **obligatoirement** se faire sans distinction et dans la transparence vis-à-vis de l'opinion publique : la population d'Antsakabary vit actuellement dans des sites improvisés sans murs ni toits. Troisièmement, il est du devoir de l'Etat de rechercher toutes les aides nécessaires en vue de réhabiliter **sans délais** tout ce qui a été détruit, y compris les écoles et les églises.

Au regard de l'affaire Antsakabary – Befandriana Nord, il est impératif que l'Etat fournisse toutes les informations précédemment citées, l'évaluation financière préalable et procède ensuite à la reconstruction des dégâts occasionnés suivant un plan et un calendrier précis, dans les délais les plus brefs.

***Pour plus d'informations, contacter le 034 98 528 96.***

Mandraka androany, tsy mbola nanao fanambarana ofisialy mahakasika ny fahasimbana ara-pitaovana tany Antsakabary - Befandriana Avaratra ny fanjakana. Araka ny tarehimarika azo dia manodidina ny mponina 500 eo ho eo no simba fitaovana any an-toerana, ankoatra ny sekoly sy ny fiangonana potika tanteraka. Kanefa, ny fanjakana dia tokony hanome **tatitra mari-pototra sy mazava** mahakasika ny raharaha tahaka izao mba tsy haha-tompon-trano mihony azy ireo. Satria tsy misy mahalala ny marina, ary avy eo dia haka ny fanorenana indray ny fiantraikany fiaraha-monina. Ny dingana fanarenana dia tsy maintsy hisy fanavahana sy fisian'ny mangaraharan'ny hevi-bahoaka: ny mponina an'Antsakabary dia mbola monina eny ankalamanjana aloha mandraka androany. Fahatelo, **adidin'ny fanjakana ny mitady fanampiana rehetra** ilaina mba hanarenana tsy misy hataka andro izay rehetra efa rava, anisan'izany ny sekoly sy ny fiangonana.

Manoloana ny raharaha Antsakabary, adidin'ny fanjakana ny manome ny vaovao rehetra voalaza etsy ambony, voalohany fanombanana ara-bola, ary manaraka izany ny **fanarenana ny fahavoazana rehetra, manaraka ny drafitra sy ny fandaharam-potoana manokana ao anatin'ny fotoana fohy indrindra**.

www.madagate.org

-------------------------------



www.madagate.org

## RAHARAHA FANDOROANA TRANO FONENANA SY FIANGONANA TANY ANTSAKABARY

## MIANTSO FANADIHADIANA IRAISAM-PIRENENA

***Toy izao manaraka izao ny famelabelarana nataon-dRamatoa Arlette RAMAROSON, Filohan'ny Fikambanana « Vovonana Mampiray »-Mpitsara Iraisam-pirenena teo aloha, nandritra ny valan-dresaka ho an'ny mpanao gazety izay nomanin'ny Fikambanana maro sy ireo Ray aman-dreny ara-drazana isam-paritra ary ireo Solombavam-bahoaka sasany momban'ny « HELOKA BE VAVA NATAON'NY POLISY TAMIN'NY MPONINA SIVILY TANY ANTSAKABARY – BEFANDRIANA AVARATRA », izay natao tao amin'ny « Centre Social ARRUPE CSA ECAR FARAVOHITRA » androany maraina.***

Faly miarahaba anareo mpanao gazety sy ny olona rehetra tonga manatrika izao valan-dresaka izao izahay.

Fikambanana maro izahay no nanomana izao valan-dresaka izao manoloana ny habibianana tsy roa aman-tany nitranga tany amin'ireo fokontany tao amin'ny Kaomina Antsakabary – Distrika Befandriana Avaratra - Faritra Sofia.

Izay rehetra nanomana izao valan-dresaka izao dia maneho ny fiaraha-miory amin'ny fianakavian'ilay Ramatoa lehibe jamba maty tao an-tranony nandritra ny fandoroan'ny Polisy ny trano fonenany. « ***NODORANA VELONA*** ». Mankahery hatrany ireo fianakaviana nipetraka tamin'ny trano miisa 487 izay nodoran'ny polisy ny tranony, ny fiangonany ary nisy norobain'izy ireo ny fivarotana vao nodorany. Mirary fahasalamana ho an'ireo olona tratry ny fifampijaliana (torture) nataon'ny polisy azy ireo izahay.

Mankasitraka tanteraka ny mpanao gazety Fetra RAKOTONDRASOA ao amin'ny VIVA izahay izay nanao ny fanadihadiana manokana momba izao raharaha izao ary namoaka izany tamin'ny Télévison VIVA nandritra ny fandaharana "***GRAND DOSSIER***" tamin'ny zoma 10 marsa 2017 tamin'ny 8 ora sasany alina.

Maneho fisaorana feno ireo Ray aman-dreny ara-panahy sy ireo Sojabe ary ny vahoaka tany an-toerana izahay izay nitsangana vavolombelona tamin'izao raharaha mampalahelo izao. Nanamafy izany fijoroana vavolombelona nataon'izy ireo izany ny hafatra miezinezina nataon'ny Fivondronamben'ny Eveka eto Madagasikara tamin'ny 7 mars 2017 ka nilazany fa : "maneho fisaorana manokana sy mankahery an'ireo pretra sy reliziozy ary lahika any amin'ny faritra nisehoan'ny voina, eo ambany fitarihan'i Monseigneur Rosario VELLA, Evekan'ny diosezin'Ambanja, tamin'ny

**FIJOROANA HO VAVOLOMBELON'NY MARINA SY NY FANENTANANA AMIN'NY FIFANAMPIANA ARY NY FANDRAISANA ANDRAIKITRA AVY HATRANY HATRAMIN'NY NITRANGAN'NY LOZA…** Ary mbola tsy lefy ao am-po koa ny hafatry ny Kardinaly Pietro PAROLIN nanao hoe: aoka ho Mpanorina fandriampahalemana ianareo. ***(« Soyez des artisans de la paix »)***.
Tsy nitazam-potsiny izany faharavana izany mpiray tanindrazana fa nanao tolo-tanana na *« Téléthon »* ho fanampiana azy ireo. Niantso ho amin'ny fifanomezan-tanana sy ny tolo-tanana hanangonana izay foin'ny rehetra ihany koa ny Fivondronamben'ny Eveka eto Madagasikara. Endriky ny Soatoavina malagasy izany izay manandratra avo dia avo hatrany ny **Fihavanana malagasy** ka mendrim-piderana manokana ireo mpikarakara rehetra izahay.

## HELOKA BEVAVA NATAO TAMIN'NY MPONINA SIVILY
## *(CRIME CONTRE UNE POPULATION CIVILE MALAGASY)*

Manitsakitsaka ny Zon'Olombelona izany fihetsika baribariana nataon'ireo polisy tamin'ny mpiray tanindrazana izany. Mandrindra ny filaminam-bahoaka, miaro ny vahoaka sy ny fananany ny mpitandro filaminana fa tsy natao handoro trano fonenana sy Fiangonana ary mandrava fananana amin'izao efa fahantrana lalina mianjady amin'ny vahoaka maro an'isa izao, indrindra fa ireo fokonolona niharan'ny habibiana sy ny fampijaliana tao amin'ny Kaomina Antsakabary. Tapaka ny fianaran'ny mpianatra satria tapitra may ny fitaovam-pianarana.

Nalefa hisambotra ireo olona nanao « fitsaram-bahoaka » ka nahafaty ireo polisy roa ireto polisy miisa 40 mahery ireto fa tsy hanao ***« valy faty »*** sy ***« fitsaran'ny polisy mivantana ireo fokonolona tsy manan-tsiny »*** tamin'ny fokontany miisa enina nolalovany izay mielanelana eo amin'ny 4 sy 6 kilometatra. Tsy tan-dalàna ireto polisy ireto satria ny andraikiny dia nitondra ireo noheverina fa meloka teo anivon'ny Tribonaly Ambaratonga voalohany tao Mandritsara na Antsohihy fa tsy nandoro trano sy nampijaly ny fokonolona mpiray tanàna.

Tsy fantatra marina ny « baiko azon'ireto polisy ireto» tamin'izao iraka izao!
Na inona na inona baiko nomena azy ireo avy amin'ny Fitondram-panjakana dia voararan'ny Lalàna manan-kery eto amin'ny tany sy ny fanjakana izany fihetsika feno habibianana izany, indrindra fa ny Lalàna iraisam-pirenena.

### NOHO IREO ANTONY IREO DIA MANAO ANTSO AVO AMIN'NY FITONDRAM-PANJAKANA IZAHAY:

- **handray andraikitra amin'ny fanonerana (indemnisation) tsy misy atak'andro ireo tsy manan-tsiny niara-boina isan-tokan-trano ary handray fepetra hentitra amin'ireo izay nahavanon-doza toy izao** mba ho ohatra velona ho an'ireo mpitandro filaminana hafa mety hihoam-pefy ka tsy hiverenan'ny toe-javatra mampalahelo toy izao intsony eto amin'ny firenena. **Endriky ny *« Fanjakana tsy tan-dalàna »* izany.**
- hampiseho ny fahadisoany ka hitondra ny fialan-tsiny sy ny fifonana (pardon) ary ny fiaraha-miory ampahibemaso amin'ny alalan'ny kabary hataon'ny Filoham-pirenena amin'ny TVM sy ny RNM nohon'ny maha tompon'andraikitra voalohany azy araka ny voafaritra mazava ao anatin'ny Lalàm-panorenana. Tsara ho marihina fa ny Filohan'ny Repoblika no manendry ny Praiminisitra araka ny voalaza ao amin'ny andininy faha 54 ny Lalàm-panorenana ary ny Praiminisitra sady Lehiben'ny Governemanta ***« no miantoka ny filaminana, ny fandriampahalemana ary ny maha-marin-toerana ny tanim-pirenena antin'ny fanajana ny firaisam-pirenena »*** araka ny voalazan'ny andininy faha 65 (9) ny Lalam-panorenana. **Endriky ny *«Fanjakana tsara tantana »* izany.**
- **fa tsy azo ekena intsony ny tsy maty manota na ny « impunité » eto amin'ny firenena tan-dalàna araka ny voalaza ao amin'ny Lalam-panorenana sy ny *« Déclaration universelle des Droits de l'Homme »* ary ny *« Pacte international relatif aux droits civils et politiques »* satria izany no antony nandrava ny fifampitokisana teo amin'ny vahoaka, ny Fitsarana sy ny mpitandro ny filaminana ary isan'ny antony tena tsy nampahomby ny *« fampihavanam-pirenena na ny fampihavanana ireo mpanao politika »* hatramin'izao.**

Miantso ny Vondrona Iraisam-pirenena, indrindra fa ny Firenana Mikambana izahay mba hijery akaiky an'izao raharaha izao satria isan'ny sakana amin'ny fanatanterahana ny *« 17 objectifs du développement durable »* amin'ny taona 2030 izao habibianana tsy roa aman-tany izao nohon'ny tsy fisian'ny Fanjakana tsara tantana sy tan-dalana ary ny mangarahara eto Madagasikara mba hisian'ny FANDRIAMPAHALEMANA, FITSARANA MARINA SY IREO ANDRIM-PANJAKANA MAHOMBY (***Paix, Justice et les Institutions efficaces***).

**Eto am-pamaranana dia tsara ho fantatry ny mpiray tanindrazana fa isan'ny heloka bevava voasokajy ho isan'ny *« crime contre la population civile »* ny habibiana nataon'ny polisy tany an-toerana ary voararan'ny Lalàna iraisam-pirenena. Noho izany dia miantso ireo mpanao fanadihadiana iraisam-pirenena izahay hanao ny asany momba ity habibiana tsy roa aman-tany ity eto Madagasikara mba ahazoan'ny ny vahoaka malagasy masi-mandidy mitondra ny raharaha eo anivon'ny Tribonaly iraisam-pirenena rehefa tsy hampiseho amin'izao tontolo izao ny vokatry ny fanadihadiana nataon'ny fitondram-panjakana malagasy.**

Maneho fisaorana feno anareo mpanao gazety amin'ny fiaraha-miasa.

**MASINA NY TANINDRAZANA**
**ANDRIAMANITRA MIARO AN'I MADAGASIKARA**

www.madagate.org








Auditorium
Grande Salle





























































































